Ahoana no Hiatrehako ny Fiovana eo Amin'ny Vatako?

Tsy mora ny mahazo ny tanora rehefa misy fiovana eo amin'ny vatany. Hoatran'ny hoe mandeha kalesy amin'ny lalana miaka-midina izy ireo. Hanampy anao ity fampiasana ity raha izany no mahazo anao. Vakio ny fanazavana eto ambany, ary valio ireo fanontaniana miaraka aminy.

'Tsy tianay ankizivavy ny fiovana eo amin'ny vatana. Mampiady saina ilay izy. Ratsy daholo ny ankamaroany.'—Oksana.

1

Aminao ve ilay fiovana ho lasa olon-dehibe…

MAHAFINARITRA, sa MAMPAHATAHOTRA, sa IZY ROA MITAMBATRA?

Inona no tena nampahatahotra anao rehefa hiatrika an'io fotoana io ianao?

2

Efa nisy fotoana ve niovaova be ny fihetseham-ponao? Hoatran'ny ahoana ilay izy?

Inona no azonao atao mba hifehezana ny fihetseham-ponao?

"Vetivety eo aho faly, dia avy eo malahelo. Tsy haiko raha zavatra ara-dalàna izany ho an'ny ankizilahy, fa izany aloha no nahazo ahy."—Brian.

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

3

Inona no zavatra tsapanao teo amin'ny paozinao rehefa nisy fiovana teo amin'ny vatanao?

Ahoana no tokony hiheveranao ny paozinao raha mahay mandanjalanja ianao?

"Akanjo malalaka be no nanaovako tamin'izaho vao nanomboka nitombo, dia niondrikondrika aho rehefa nandeha. Tsy nahazo aina aho sady menatra na dia efa fantatro aza hoe naninona ny vatako no niova. Hafahafa tamiko ilay izy."—Janice.

4

Niova koa ve ny fahitanao ny ankizivavy raha ankizilahy ianao sy ny fahitanao ny ankizilahy raha ankizivavy ianao?

Hoy ny Baiboly: "Andosiro ny fijangajangana." (1 Korintianina 6:18) Nahoana no tsara io torohevitra io, ary inona no hanampy anao ho tapa-kevitra kokoa hankatò azy io?

"Lasa tsy nieritreritra intsony aho hoe mahasosotra daholo ny ankizilahy. Hitako izao hoe misy bôgôsy ihany ry zareo ary tsy ratsy ny hoe raiki-pitia. Lasa nahafinaritra mihitsy aza ny niresaka hoe i 'Anona tara amin'i Anona.' "—Alexis.

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

“Tsy tia niresaka ny fihetsehampoko aho. Tiako anefa aho raha mba sahy niresaka tamin’ny ray aman-dreniko. Angamba nahafinaritra kokoa ny fiainako tamin’izaho mbola ankizilahy, raha nanao an’izany aho.”—Jeremy.

5 Maro ny olana atrehinao noho ny fiovana eo amin’ny vatanao. Mety hahamenatra anao ny miresaka azy ireny amin’ny ray aman-dreninao (na amin’ny olon-dehibe hafa azo atokisana). Nahoana anefa no tsara ny manao an’izany?**—Vakio ny Ohabolana 17:17.**

Iza no olon-dehibe sahinao ilazana izay zavatra manjo anao?

6 Ahoana no nanampian’ny ray aman-dreninao anao mba hiatrika ny fiovana eo amin’ny vatanao?

Inona no mbola tianao hanampian’ny ray aman-dreninao anao?

“Tena hafahafa tamiko ny fiovana teo amin’ny vatako. Vao mainka mafy angamba ny nahazo ahy raha tsy teo ny ray aman-dreniko. Niteny tamiko i mamanay hoe hanampy ahy foana izy ary afaka miresaka aminy foana aho rehefa manana olana.”—Karina.

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

“Mety hoe olana be aminao ny fiovana eo amin’ny vatana raha vao haingana ianao no tratran’ilay izy. Fohy ihany anefa ny fotoana isian’izy io raha oharina amin’ny halavan’ny andrompiainanao. Izy io no manova anao ho lasa olon-dehibe.”—David.



7 Inona no torohevitra omenao ho an’ny ankizy vao manomboka manana an’io olana io?

Anontanio ny Ray Aman-dreninao

Efa niatrika fiovana teo amin’ny vatana koa ny ray aman-dreninao, tamin’izy ireo mbola ankizy. Manorata fanontaniana roa tianao hapetraka amin’izy ireo momba ny zavatra nataony mba hiatrehana an’ilay izy. Hetezo ity efajoro ity avy eo ary asehoy ny ray aman-dreninao.

1

2

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania